www.fjkm-ambohitantely.mg




GAZETY
# Tantely
"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

**Laharana faha-89 / 03 Oktobra 2021/ 1.000Ar**

# "FETIN'NY TARANAKA 2021"

**FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**
**SYNODAMPARITANY ANTANANARIVO ATSINANANA**
**FJKM AMBOHITANTELY**



FJKM

## FETIN'NY TARANAKA 2021

**Herinandron'ny Taranaka**

Ny 27 Septambra hatr@ 29 Septambra @ 6 ora hariva ao @ Akany Faha-150 Taona

Ny 30 Septambra @ 6 ora hariva ao am-piangonana

Tsenaben'ny Taranaka ny Zoma 01 Oktobra sy Sabotsy 02 Oktobra @ 9 Ora ao @ Akany Faha-150 Taona

**Alahady 03 Oktobra 2021 amin'ny 8 Ora sy sasany**

Fitrotroana am-bavaka ny isan-taranaka, fiantsoana isan-taranaka, faranana amin'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo

## « Dia niondrika ny olona ka nivavaka » (Eks 12 : 27 f)














Sabatry ny Fanahy >2
Editorial >3
20 Taona >3

Alahadin'ny Mpitandrina >4
Fetin'ny Taranaka >5
Synoda Lehibe XIX >6

Isika samy Isika >7
Sombin-tsary >8

GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Indro havaoziko ny zavatra rehetra » (Apo. 21 :5)***

Fony vao nanota ny olo,belona ka nihodina tamin'Andriamanitra dia efa nalahelo azy Andriamanitra ary nampanantena famonjena (Gen 3 :15, 21) sy fiainam-baovao. Raha tsorina, ny Baiboly na ny Soratra Masina dia mirakitra izay lalana sy planin'Andriamanitra momba ny fanavaozan'Andriamanitra izao tontolo izao.

Amin'ity Apokalipsy ity Andriamanitra dia mampanantena ny fahatanterahan'ny fanavaozana efa nampanantenainy hatrany amin'ny andron'ny fiandohan'ny fahalavoana. Ireto lafin-javatra telo ireto no azo amahavahana ny teny hoe

***« Indro havaoziko ny zavatra rehetra ».***

Ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no ivon'ny fanavaozan'Andriamanitra

Tsy kisendrasendra velively raha aty amin'ny bokin'ny Apokalipsy ary amin'ny toko mamarana ny Soratra Masina manontolo no nitenenan'Andriamanitra ny fanavaozany. Fony teo amin'ny hazofijalian'i Jesoa dia isan'ny teny fito farany noalazainy ny hoe « vita » (Jao. 19 :30), raha ny Filazantsara araka an'i Jaona no jerena.

Mifamatotra amin'izany

Filazantsara araka an'i Jaona izany ity hafatry ny Apokalipsy an'i Jaona ity, izay maneho fa vitan'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa ny fanavaozana izao tontolo izao izay nosimban'ny fahotana, na ny fahariana vaovao. Izay rehetra mangetaheta fanavaozana na fiainam-baovao dia tsy maintsy mandray izany amin'ny alalan'i Jesoa. Fiasam-panavaozana eo am-pelatanan'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra, toy ny talenta, ny fanomezam-pahasoavana, ny fiantsoana, sy ny hafa ; fa ny hany loharanon'y fanavaozana dia aoamin'i Jesoa.

Tsy misy fihavaozam-panahy, tsy misy fihavaozam-piainana raha tsy ao amin'i Jesoa. Hamafisin'i Jaona io ka hoy izy : « Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana, izay tsy manana ny Zanaka no tsy manana ny fiainana ». Ny finoana an'i Jesoa ho Zanak'Andriamanitra sy ny fanekena Azy ho Tompo sy Mpamonjy no fandraisana ny fanavaozana nataon'Andriamanitra. Asa mahagagan'Andriamanitra irery ihany ary tsy takatry ny saina maha olombelona ny fanavaozana ataon'Andriamanitra ateraky ny finoana ny famonjena nataon'ny Zanany Lahitokana. Fiovam-penitra, fiovam-po, fibebahana no ateraky ny finoana sy fandraisana ny famelan-keloka natolotra tamin'ny alalan'i Jesoa.

Koa ny hoe : « Indro havaoziko ny zavatra rehetra » dia Tenin'Andriamanitra tamin'ny alalan'i Jesoa.

Asan'Andriamanitra irery ihany ny fanavaozana

Isan'ny foto-kevi-dehibe notoherin'ireo mpanitsy fivavahana protestanta ny filazana fa afaka misafidy sy manao an-kalalahana ny tsara ny olona. Asehon'ireo mpanitsy fivavahana fa ny fahotana dia nanimba ny olona manontolo sy ny olona rehetra ; nanimba ny safidin'ny olona sy nampahalemy azy, ka tsy nahafahany mifidy ny tsara na manana ny herim-panahy koa hanao ny tsara.

Ny fahotana dia nankona sy nahajamba ny olona ka tsy nahitany ny fahatsaran'Andriamanitra intsony ary nampahalemy ny safidiny sy ny heriny ka nampirona azy ho mora manao ratsy.

Araka izany, ny mifanohitra amin'ny sitrapon'Anriamanitra mandrakariva no ironan'ny safidin'ny olombelona amin'nymaha mpanota azy. Araka izany dia tsy manana hery sy finiavana hanavao tena sy ny hihavao mainka moa fa hanavao ny hafa ny olombelona.

Ny Soratra Masina manontolo dia maneho sy mampiharihary ny maha mpanota ny olona sy ny mampahalemy azy eo anoloan'ny fahotana ka mahatonga an'Andriamanitra naniraka ny Zanany hamonjy azy. Miharihary, araka izany, fa asan'Andriamanitra madiodio ny fanavaozana ny olona. Zava-dehibe ny fiezahan'ny olona, saingy efa nateraky ny fahasoavan'Andriamanitra izany. Io finiavana hiezaka ho amin'ny fahatsarana na ny fihavaozana io dia tsy herin'olombelona fa efea fiasam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra.

Hoy ny Apostoly Paoly : « Fa fahasoavana no namonjena anareo… tsy avy amin'ny asa fandrao hisy hirehareha » (Efe. 2 :8,9). Koa raha miezaka manao ny sitrapon'Andriamanitra isika dia efa vokatry ny fahasoavan'Andriamanitra sahady izany.

Andriamanitra irery no manendry ny fotoam-panavaozana

Amin'ny maha mandrakizay an'Andriamanitra dia mivelatra eo imason'Andriamanitra ny lasa sy ny ankehitriny ary ny ho avy. Amintsika olombelona no zava-dehibe ny fivadibadiky ny fotoana satria fohy rahateo ny taonantsika (70 na 80 raha tahiny mateza) fa amin'Andriamanitra dia mielina ary tsy zava-dehibe ny fotoana satria mandrakizay ny taonan'Andriamanitra. Tsy mitovy, araka izany, ny famataranandron'Andriamanitra sy ny famataranandron'olombelona, araka ny tenin'i Petera rahateo manao hoe : « Ny indray andro amin'Andriamanitra dia arivo taona amin'olombelona ». Teny hoenti-milaza fotsiny izao fa ny fotoanantsika tsy fotoanan'Andriamanitra.

Marina loatra fa tamin'ny alalan'i Jesoa dia nanaiky niditra tao amin'ny tontolon'ny fotoanan'ny olombelona Andriamanitra, ka na dia mandrakizay aza Izy dia nanjary niombona fanisam-potoana tamin'ny olombelona noho i Jesoa. Mazava tsara anefa fa Andriamanitra irery ihany no Tompon'ny tantara sy manendry ny fotoana itsofohany eo amin'ny fiainan'ny olona hanavaozany ny olona sy ny zavatra rehetra.

Ny isan'androntsika dia fiasam-panavaozana ataon'Andriamanitra, saingy ny tsy tokony hohadinointsika dia Andriamanitra no Tompon'ny tantara ka manavao ny tsirairay, ny Fiangonana, ny firenena, araka ny fotoana voatendriny. Ny zava-dehibe dia ny hananantsika fahatokiana sy fiankinan-doha amin'ny fiasan'Andriamanitra.

Ho marina amin'ny fiainantsika isan'andro anie ny Tenin'ny Tompo hoe : ***« Indro havaoziko ny zavatra rehetra ».***

Ho an'Andriamanitra irery
ny Voninahitra.

***Ny Mpitandrina***

***"Koa amin'izany sikino ny sainareo, dia mahonona tena, ka antenao tsara ny fahasaoavana izay ho entina ho anareo amin'ny hisehoan'I Jesosy Kristy;" 1Pet 1:13***

Tsy misy maha isika antsika olombelona eto amin'izao fiainana mandala izao, eny ny fahavelomantsika dia nohon'ny famindram-po sy ny fahasoavana avy amin'IZY Tompo. Mazana anefa dia toa adinontsika izay antom-pahavelomantsika izany fa dia sahirana amin'ny fiainana andavanandro ny tsirairay. Maro amintsika koa anefa no efa mahatsapa sy miaina tanteraka eo amin'ny fahasoavana omen'ny Tompoa azy ireo. Anisan'ny fahasoavana omen'ny Tompo antsika ny antso ho amin'ny firaisana latabatra Aminy ka fotoana isian'ny firaisam-po tanteraka Aminy. Tokony izany isika hiezaka hanana fahamendrehana ka hahonon-tena, indrindra hanaiky ny toe-panahy mahay mandanjalanja ny tsara sy ny mety mba hanajantsika ny tena maha zanak'Andriamanitra antsika, izay efa notoloranу Fitiavana. Amin'izany ny tsirairay dia tsara raha mahatsapa ary mino ny fahasoavan'ny Tompo ka hanantanteraka amim-pitiavana sy am-pifaliana ny anatra sy ny didin'Izy Tompo. Ho an'Andriamanitra irery ny Voninahira.

***RANAIVO RASAHENOLAHY Diakona Fifandraisana***

## 20 TAONA NIARAHA-NANOMPO

Ny Alahady 04 Jolay no nanokafana tamin'ny alalan'ny fotoam-pivavahana nisaorana sy niderana an'Andriamanitra noho ny faha 20 Taona niaraha-nanompo tamin'ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy sy ny ankohonany teto amin'ny FJKM Ambohitantely.

Tanam-pitiavana tokoa no nivimbinan'ny asam-panompoan'izy mivady ka nanatanterahany ny andraikitra mavesatra niantsoan'ny Tompo azy ireo ary nankinany ny asany teo ambanin'ny Fahasoavany.
Tanam-pitiavana ihany koa no nivimbinan'ny Tompo ny fiainan'ny Fiangonana nandritra izay fotoana izay ka nahafahantsika mianakavy nijoro vavolombelona tamin'ny fitiavan'Andriamanitra.
Misy ny tsangambato ara-panahy dia ny fananganana ny Sampana Vondrona Fototra Laika eto amin'ny Fiangonana, ny tsangambato hita maso dia ny fanatsarana ny efitrano malalaka ao amin'ny IFRP Andohalo sy ny Faculté de Théologie Ambatonakanga,ary ny tsangambato fahatelo dia ny fanomezana atolotsika ho an'ny Mpitandrina mianakavy noho izany fotoan-dehibe eo amin'ny fiainan'ny Fiangonana sy ho azy minakavy izany.

Maro amintsika no efa nandray anjara amin'ny alalan'ny karatra « Tanam-pitiavana » izay entintsika manohana ny Mpitandrina mianakavy am-pifaliana mba hahatratrarantsika ny tanjona ary azontsika raisina izany eny amin'ny komity faha-20 taona niaraha-nanompo.

Dia ho tanteraka tokoa anie ny teny voasoratra ao amin'ny Baiboly hoe : « ***…mifanompoa amin'ny fitiavana.*** » ***(Gal5 :13d)***



## ALAHADIN'NY MPITANDRINA

Misaotra an'Andriamanitra isika fa noho ny famindram-pony lehibe dia tanteraka ny Alahady 21 Martsa 2021 ny Alahadin'ny Mpitandrina. Fotoana izay nitondrana am-bavaka ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy sy ny ankohonany teto amin'ny FJKM Ambohitantely.

Samy nahazo fampaherezana avy amin'ny Mpitandrina ny tsirairay, na tamin'ny alalan'ny toriteny, na mofon'aina isan'andro, na fampianarana sy ny sisa amaro tsy voatanisa ka rariny sy hitsiny loatra raha nifanotrona tamin'izy ireo ny Biraon'ny Fiangonana, ny Loholona sy ny Diakona, ny Sampana rehetra ary ny mpianakavin'ny finoana iray manontolo eto amin'ny Fitandremana.

Ny fahatongavantsika maro dia fanamafisantsika ny fimbonana amin'ny fiaraha-miasantsika aminy sy mariky ny fifankatiavana. Tenin'ny Soratra Masina rahateo ny hoe : ***« Tsarovy ny mpitondra anareo, izay efa nitory ny tenin'Andriamanitra taminareo. » (Hebreo 13 :7a).***

## MALAIMBANDY

***« Raha tsy Jehovah no manao ny trano, dia miasa foana ny mpanao azy » (Sal 12 :71)***

Isaorana ANDRIAMANITRA fa vita soa amantsara ny fitokanana tamin'ny fombam-piangonana ny fanintarana Sekoly Fanomezantsoa – FJKM Malaimbandy, ny zoma 12 febroary 2021 lasa teo no nanao izany fitokanana izany.

Tonga nanome voninahitra an'ANDRIAMANITRA tamin'izany ny solontena avy amin'ny birao Foibe FJKM notarihan'ny Filoha mpanampy Andriamatoa Zarazaka Jean Louis Mpitandrina, Atoa Prezida Synodaly Fahazavana Atsimo Andrefana Rakotondrasoa Philbert Mpitandrina, Atoa Rakotonavalona Maholy Mpitandrina ao amin'ny FJKM Ambohitantely, Atoa Raharolahijoelina Mpitandrina FJKM Malaimbandy ary ireo mpianakavin'ny mpino avy any FJKM Ambohitantely sy ireo mpino ao amin'ny FJKM Malaimbandy.

Trano Sekoly manana efitra fianarana telo (3) izay mirefy 24,60m ny halavany ary 7,20m ny sakany, manana trano fivoahana izany sekoly izany. Ny Sampana Lehilahy Kristiana avy ao FJKM Ambohitantely no loharano nipoiran'ny hevitra tamin'izany. Natao indrindra izao Sekoly mba hanatsarana ny fampianarana ao amin'io FJKM Malaimbandy, tiana hatrany ny mampafantatra fa nandritra telo taona nisesy dia 100% hatrany vokam-panadinana CEPE tao amin'io Sekoly io.

Nitohy ny Sabotsy 13 Febroary 2021 ihany koa ny fanokanana ny Mpitandrina Raharolahijoelina Andrianandrianina Nomenjanahary mivady tao amin'ny Poste d'évangélisation Malaimbandy. Ny tenin'ny Soratra Masina notsongaina tamin'izany : « Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho volombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany » (Asa 1 :8)

Ny fotoana dia notarihan'Atoa Rakotondrasoa Philbert Mpitandrina, ary ny nitory teny kosa dia Atoa Rakotonavalona Maholy Mpitandrina





# FETIN'NY TARANAKA

Satria taom-pankalazana ny **faha-20 taona fiaraha-manompo** eo amin'ny Fitandremana Ambohitantely sy ny Ray aman-dReny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy mianakavy, ity taona 2021 ity, dia homarihana amin'ny fomba miavaka ny Fetin'ny Taranaka 2021.

Araka izany, dia nomena sehatra manokana ny fankalazana ny faha-20 taona fiaraha-manompo.
Ny Soratra Masina hiompanan'ny fankalazana ny faha-20 taona fiaraha-manompo moa, dia araka izay voasoratra ao amin'ny Galatiana 5/13d manao hoe " … Mifampanompoa amin'ny fitiavana "

Nanehoana izany fiaraha-miombona amin'ny fanompoana an'Andriamanitra izany indrindra izany fifanompoana amin'ny fitiavana izany, dia nifanotrona tamin'ireo fandaharam-potoana izay nanasana am-pitiavana, antsika mpianakavin'ny finoana manontolo:

- **Alatsinainy 27 septambra 2021** : Nasongadina tamin'izany ny " Rindram-peo kanto niarahana tamin'ny Mpitandrina Rakotonavalona Maholy, ny Raim-pianakaviana sy ny lehilahy ary ny Mpanakanto Rija RAMANANTOANINA"
- **Talata 28 septambra 2021** : Niavaka ny fotoana satria nahitana " Seho sy Kanto niarahana amin'i Rtoa Andry Lalao Rakotonavalona, vadin'ny Mpitandrina, niaraka amin'ireo Renim-pianakaviana sy ny vehivavy ary ny Mpanakanto Mialy RAKOTOMAMONJY "
- **Alarobia 29 septambra 2021** : Seho hafakely niarahana tamin'izy 3 mianadahy zanaky ny Mpitandrina, niaraka amin'ireo tanora sy ny ankizy ary ny Mpanakanto Inah.

Ny hetsika natao tamin'ireo andro telo voalohany ireo dia notanterahina tao amin'ny Akany ANDRIAMANJATO Richard, Tahala Ravelojaona. Nanomboka amin'ny 6 ora hariva hatramin'ny 7 ora sy sasany hariva.

- **Ny Alakamisy 30 septambra 2021**, kosa, dia nisy : Fanompoam-pivavahana niarahana tamin'ny Antoko Mpihira CA sy CMA noelanelanina fiantsana Tononkalo notanterahina tao am-piangonana.
- **Ny zoma 1 sy ny sabotsy 2 oktobra 2021** kosa no nanatanterahana ny ***Tsenaben'ny taranaka 2021***, izay nahitana ireo tranoheva sy varotra fampirantiana nahitana sakafo, entana akanjo sy kojakoja samihafa.

Ny tsenabe dia nisokatra amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana, nanomboka tamin'ny 9 ora maraina hatramin'ny 4 ora sy sasany hariva.

- **Alahadin'ny Taranaka 2021** : Ny Soratra Masina niompanan'ny Fanompoam-pivavahana, tokana, hiraisan'ny Taranaka Ambohitantely, dia araka izay hita ao amin'ny ***Eksodosy 12/27f***

***" Dia niondrika ny olona ka nivavaka "***

Tokana ny fanompoam-pivavahana izay tanterahina ato ampiangonana, manomboka tamin'ny 8 ora sy sasany maraina ary faranana amin'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo.
Ao anatin'izany ny fandraisa-tanana ny isan-taranaka sy hanaterana ny valopy fanatitra nomanin'ny isan-taranaka

Ny Biraom-piangonana, ny Komity faha 20 taona niaraha-nanompo dia misaotra sy mankasitraka antsika mpianakavin'ny finoana samy nanao zava-dehibe ny fotoana rehetra.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.








# SYNODA LEHIBE FAHA XIX, Sambava

Nisokatra ny faha-11 Aogositra 2021 tamin'ny 8 ora maraina ny Synoda lehibe faha-XIX ny Fiangonana FJKM. Ny birao'ny Mpiandraikitra foibe no nitarika ny fanompoam-pivavahana fanokafana. Ity Synoda lehibe ity no ambaratongan-drafitra ambony indrindra eto anivon'ny FJKM. Fivoriana izay atao isaky ny 4 taona araka ny fitsipika sy foto-dalàna FJKM, araka ny fanazavan'ny Filoha FJKM amperin'asa nandritry ny fanompoam-pivavahana fanokafana. Nisaotra ireo solotenan'ny andrim-panjakana izy sy ireo vondrom-piangonana mpiara- miasa amin'ny FJKM. Ny Synoda Lehibe dia fotoana natao hanavaozana indray ny mpitarika eo anivon'ny FJKM. Ankoatry ny biraon'ny Mpiandraikitra foibe sy ireo Mpiandraikitra Foibe dia misy koa ireo solotena isaky ny synodam-paritany 38, ireo Tonia sy Talen-tsampana, sampan'asa ary asa ary ireo Departemanta eo anivon'ny Foibe FJKM. Misy koa ireo vahiny nasaina manokana hiatrika izany.

Nisy ny fanolorana mari-pankasitrahana tamin' izany koa ireo Birao ny Mpiandraikitra Foibe 2016 – 2021.
Taorian' izany no nanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny fampirantina fampahafantarana ny FJKM sy ireo rantsa-mangaika ao anatiny.
Taorian' izany dia niantomboka avy hatrany ny fivoriana tsy azon'ny be sy ny maro atrehana nifidianana ny biraon'ny Synoda.

- Ireto no anaran' ireo Biraon'ny Mpiandraikitra Foibe vaovao eto amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara voafidy tany amin'ny Synoda Lehibe faha XIX tany Sambava, hiasa ny taona 2021 hatramin'ny 2025.

Filoha : Docteur Irako Andriamahazosoa Ammi, Mpitandrina
Filoha Mpanampy Mpitandrina : Andriamampianina Zaka Harimasy
Filoha Mpanampy Laika : Razarasoa Timoty
Mpitahiry Vola : Randrianja Voahangy
Mpanolotsaina Mpitandrina : Rajaomanjato Dodaherisoa
Mpanolotsaina Laika : Randriamamonjisoa Georges

- Ireto kosa ny lisitry ny Mpiandraikitra Foibe voafidy tany amin'ny Synoda Lehibe faha XIX tany Sambava, hiasa ny taona 2021 hatramin'ny 2025.

MPITANDRINA 50 TSY MPITANDRINA 50
IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi
RANDRIAMAMONJISOA Georges Henri
RAKOTONINDRAINY Jaona
RANDRIANJA Voahangy
RADIMISAON Andriamasinjara Jonah
RAZARASOA Timoty
ANDRIAMAMPIANINA Zaka Hary Masy
RAKOTOMANDIMBY Benjamin Alexis
RAKOTONAVALONA Maholy
Nirina Velosoa
RAZAFIARISOA Juliette
RAKOTOHERISOA Benjamin D .
RANAIVONIARIVO Tiana Alisoa
LAHIAVAO Voriraza
RASENDRAHASINA Lala Haja
RAMALALANIRINA Avosoa
RAKOTOBE RAJAOMANJATO Dodaherisoa
RAFALIMANANA Rakotomalala Hery
ANDRIAMAMPIANINA Zo Nantenaina
RAKOTONDRAZAKA Volatantely
RAKOTONDRAMANANA Arijaona
RAKOTOBE Olitiana Andosoa
ZARAZAKA Jean Louis
RAKOTOBE Olitiana Andosoa
RAZAFINTSALAMA Riana Lalasoa
RAZAFINDRALAMBO Didier Alban
RANDRIAMAMPIONONA Alfred
ANDRIANOMENJANAHARY Livanirina
SIDA Zarazafy
RAHANTAHARIMALALA Landiharinoro Lynah
RAFANONERANTSOA Valisoa
RAMILISON Harifidy Janset
RAZARASOA Sylasy Fitahiana
ANDRIANJAFY Mirana.
TOTOFENO Théis Elia
RAZAFINDRABE Vivien J . Aimé
RABENAIVOSON Perier
RAHARISON Elian
ANDRIAMASINORO Fidimalala
RAKOTONDRALAMBO Fanja Nirina
RAKOTOSON
RAMADIMISAINA Jean Denis
RANDRIANARISOA Fameno Elinah
ANDRIANARIVELO René Olivier
RAZAFINDRAKOTO Hasinarivo A.
RATSIRAHONANA Lalaina Harilanto
RAZAFINDRAMIARANA Claire Aimée
RAVAOARIMISA Vololomboahangy R.
RAKOTOVOLOLONA Elanirina Faly Vahiny
RATSIFANDRIHAMANANA Hanitriniaina Tatamo
RAZAFIMAHATRATRA Jean William
RAZAFINDRAKOTO Juliana
RAZAFINDRAJERY Oniniaina Harifa
RAMALANJAONA Vero Hanitriniala
RALAMBOMAHAY Hendrininosy
RATSIMANDRESY Joseph Andriantiana
RANARIJAONA Jean Jacques
RANDRIAMANANIHERY Tinarivo William
RAKOTOTIANA Fidimanana Herve Clement
FETY Jean Eddie
RAMANOHISOA Eulalie Monia
MANANJARA Razanadrakoto
RAZAFIMAHALEO Rowlands Peter
RANDRIANIRINARIVO Charles
RAMAMONJIARISOA Robert
RA-PIERRE
TOVONIRINA Guy Delachet
RADIMISON Harinjaka
RASOLONIAINA Bebiarisoa
RAVOLOLONIAINA Harimalala Eleonore
ANDRIATSIMBAHARISON Ulrich Gildas
RANDRIANARIMALALA
RADIMBINIMARO Abela
RAZAFINDRAVAOARINORO Virginie
RAFANOMEZANTSOA Jean Charles Gabriel
RAKOTONDRANAIVO Domoina
BE NANTENAINA Evrart Clariot
ANDRIAMIHAJAMAHALEO Josoa Ernest
RAMINOARISOA Njaramalala Suzette
IANONJARA
RAZANADRASOA Charles
RAKOTOARIMANANA Andriambola Herizo
RAMIANDRISOA Harifinoana
RAHARISON Solo Ny Herizo
FLORENT
RAKOTONIRINASOA Hubert
RAHARIVELO Laurette
ADAVAO Dieudonné
ANDRIANILANONA Rija
ZAFIHASINA Norbertine
MAROZAMA Jean Dede
RAHARINIRINA Lantomalala
RAJERIARIMANANA M.
RAVELOZANANY Vola Harimalala
RANDRIANANTENAINA Lazandrainy Martin
RABESOA Jeannitou
RANDRIALIVA Soanirina Seheno
RAZANADRAKOTO Fanilo Aronihery
RAMAROLAHY Patricia
RANDRIANARIDAORO Vero Hanitriniaina



## Fiandraiketana ny Asa Sosialy

Koa satria moa mbola ao anatin'ny fikarakarana ny fidiran'ny mpianatra isika dia Ny Fiandraiketana ny Asa Sosialy (FAS) eto amin'ny Fiangonantsika dia misaotra an'Andriamanitra lehibe fa tontosa ny zoma 10 septambra 2021 teo ny fizarana fitaovam-pianarana ho an'ireo ankizy lolohan'ny fiangonana. Miisa 120 ireo ankizy sahirana taizaina isaky ny zoma hariva no nisitraka izany. Anisan'ny nahazo ny anjarany ihany koa ireo zanaky ny mpiasan'ny Fiangonantsika eto Ambohitantely. Maneho fankasitrahana ireo rehetra nifanolo-tanana tamin'izany. Isaorana manokana koa ny raiamandreny Mpitandrina mivady, mitaiza hatrany ny Fiangonana hanao ho zava- dehibe ny asa sosialy. Andriamanitry ny fiadanana anie hamaly fitia antsika rehetra.
Hoy ny soratra masina ***" Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika, fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika raha tsy reraka isika" Gal 6 : 9***







## CHORALE AMBOHITANTELY

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy noho ny fanampiany dia fifaliana ho anay mpikambana sy ny Biraon'ny Chorale no manolotra anareo ny raki-kira izay novokarinay. Misy kapila anankiroa izy io ary hahitana hira 11, miaraka amin'ny tonon-kira. Koa manasa anao izahay hanjifa izany ka hanatona ny mpikambana amin'ny famandrihana. Misaotra sahady, ary ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.



## FIKAMBANAN'NY RAY AMANDRENY KRISTIANA (F.R.K)

Notontosaina tamin'ny Alahady 26 septambra teo ny fankalazana ny faha 30 taonan'ny Sampana Fikambanan'ny Ray aman-dreny Kristiana na ny F.R.K izany. Fotoan-dehibe tokoa ity Alahady ity satria fotoana izay nentina nitondrana am-bavaka ny Sampana sy ny asany, ary indrindra koa nentina nisaotra an'Andriamanitra izay tompon'ny asa noho izay 30 taona izay. Tamin'ity Alahadin'ny F.R.K. ity ihany koa no nanoloran'izy ireo "groupe électrogène ho an'ny Fiangonana, izay ho entina manao ny asa fanompoana amin'ny toerana mila izany. Tamin'ity Alahady ity ihany koa no nanokanana ny "Tranomboky Andrianony Mpitandrina".












Fetin'ny Taranaka





Fetin'ny Taranaka





Fetin'ny Taranaka



Sekoly Malaimbandy



Fanokafana faha 40 taona CMA



Fotoam-pivavahana FFKM



S.T.K



TEHINA MANGA



SEKOLY ALAHADY

***Sary rehetra: Harifidy RAMANAMAHEFA/ équipe média***